

**FIANGONANA PROTESTANTA MALAGASY ATY ANDAFY - TAFO LA REUNION**

*Eglise Protestante Malgache en France - Paroisse de La Réunion*

**Alahady fahatelo KAREMY 3<sup>ème</sup> Dimanche de CARÈME 24 Martsa Mars 2019**

Chapelle Immaculée Conception, Rue Sainte Anne, Saint Denis à 9h30

**Teny hotorina - Base de la predication Lioka Luc 13 : 3,5**

**Tsia, hoy Izaho aminareo; fa raha tsy mibebaka ianareo, dia ho ringana tahaka azy koa ianareo rehetra**

*Non, Je vous le dis, mais si vous ne vous convertissez pas, vous périrez tous de même*

**Lohahevitra ny fankalazana : MAIKA NY FIBEBAHANA**

*Thème de la Célébration : L'urgence de la conversion*

**Pasteur Radoniaina TOVONJARAHARILIVA**

**Zavamaneno fanombohana - (prélude)**

**Mpitarika** : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

*Fiangonana* : *Amena*

**FIARAHABANA APOSTOLIKA (Salutation apostolique) :**

« **Ho an'izay rehetra malalan'Andriamanitra sady voantso no masina : Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesoa Kristy Tompo**

*A tous les bien-aimés de Dieu, à vous grâce et paix de la part de Dieu notre Père et du Seigneur Jésus Christ »*

**FANATONANA SY FANKALAZANA AN'ANDRIAMANITRA**

**Mpitarika** : Aoka isika hanatona ny Tompo ka hiara-mankalaza sy manome voninahitra Azy

**Salamo Psalme 103 : 20-22** (Vakina miaraka, *lecture commune*) [*Mitsangana, l'Assemblée se lève*]

**Hira Cantique 167** (Midera ny Anaranao, *Nous te louons*)

**VAVAKA** (*prière*)

[*Mipetraka, l'Assemblée s'assoie après la prière*]

**Hira Cantique FF 28** (Efa voadinikao, *Tu me connais*)

**FIAIKEN-KELOKA SY FIFONANA Confession des péchés**

**Mpitarika** : Aoka hanatrika ny Tompo isika ka hanetry tena sy hiaiky ny fahotantsika ka hifona Aminy hangataka famelana ny helotsika. Andeha samy hivavaka mangina

**Fiangonana** : **Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay, mamelà ny helokay. Diovy izahay ho afa-pahotana. Sasao izahay ho afa-keloka ary havaozy ny fanahinay mba ho velon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesoa Kristy Mpamonjy anay no angatahinay Aminao. Amena.**

**Hira Cantique 28 : 1,2** (Zanahary tsy mba tia *Notre Créateur*)

**FAMELAN-KELOKA SY FIAHAVANANA Déclaration du pardon** [*Mitsangana, l'Assemblée se lève*]

**Mpitarika** (*officiant*): Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao. Matokia anaka; voavela ny helokao. Koa ambara amin'ny anaran'I Jesoa Kristy fa **VOAVELA NY HELOKAREO NOHO NY ANARANY MASINA** *Je t'aime d'un amour d'éternité, aussi c'est par amitié que Je t'attire à Moi. Confiance mon enfant, tes péchés sont pardonnés* (**Jeremia 31 : 3 ; Matio 9 : 2**)

**PAR SON SAINT NOM, VOS PECHES SONT PARDONNES**

**Fiangonana** (*l'Assemblée*): « **Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay** » *Car Dieu a tant aimé le monde qu'il a donné son Fils Unique, pour que tout homme croit en Lui ne périsse pas mais ait la vie éternelle* » (**Jaona Jean 3 : 16**)

**Hira Cantique FF 41** (Jesoa no Mpanavotra le *Rédempteur*)

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA Volontés de Dieu**

**Mpitarika** (*officiant*): « **Misasà ianareo, diovy ny tenanareo, esory tsy ho eo anoloan'ny masoko ny ratsy fanaonareo; mitsahara fa aza manao ratsy, mianara hanao ny tsara, diniho izay rariny** *Lavez-vous, purifiez-vous, Otez de ma vie vos actions mauvaises, cessez de faire le mal. Apprenez à faire le bien, recherchez la justice* (**Isaïa Esaïe 1 : 16-17**)

**FANKALAZANA Louange**

**Mpitarika** (*Officiant*): **Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra**

**Fiangonana** (*Assemblée*): **Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.**

**Hira chant ankizy sy ny tanora FF 47** (Fiadanana *Paix*) [*Tous les enfants se lèvent pour chanter*]

**TORITENY amin'ny teny frantsay** (*quelques minutes de méditation en français*)

**Hira chant des jeunes SVK**

**Vavaka Prière (Une femme)**

**FIOMANANA AMIN'NY VAKITENY SY NY TORITENY :**

**Mpitarika** : **Ho aminareo anie ny Tompo**

*Fiangonana* : **Ary ho amin'ny fanahinao !**

**Hira 175 : 1,2,3 (Avia Fanahy ô, Esprit d'illumination)**  
Vavaka hampahazava ny teny *Prière d'illumination*

**SORATRA MASINA Lectures bibliques**

**Eksodosy Exode 3 : 1-15 Fiantsoana sy fanirahanana an'i Mosesy Appel et mission de Moïse**  
**1 Korintiana Corinthiens 10 : 1-12 Ny toetra ratsy ny zanak'Isiraely tany an'efitra tsy fakan-tahaka N'imites pas les mauvais comportements des fils d'Israël au désert**

**Hira Cantique 438 : 3,4 (Avia, Viens)**

**Lioka Luc 13 : 1-9 Maika ny fibebahana L'urgence de la conversion**

**FANEKEM-PINOANA APOSTOLIKA (Symbole des Apôtres) (Mitsangana l'assemblée se lève)**

**Hira Cantique 354 : 3 (Sao ity no toriteny farany Et si c'était la dernière prédication) [Mitsangana, l'Assemblée se lève]**  
**TORITENY Prédication**

**FAMPAHEREZANA : Raiso ny fitahiana : Recevez la bénédiction**

**Feon-javamaneno fohy Musique**

**Hira ANTOKO MPIHIRA Chant chorale**

**FILAZAN-DRAHARAHANA Annonces**

**Hira Rakitra Cantique pour l'offrande MANANTENA ANAO (Notre espérance en Toi)**

**Fanolorana « Ry Tompon'ny harena ô, O! Seigneur, le propriétaire de toutes richesses »**

**EXPOSES DES CATHECUMENES**

**VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA Prières d'intercession + Rainay izay any an-danitra (Notre Père)**

**Hira chant NOTRE PERE**

**HAFATRA SY TSODRANO (Exhortation finale et bénédiction)**

**Mpitarika (Officiant) : « Tsy izay rehetra manao Amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko Izay any an-danitra. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo, ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy Il ne suffit pas de me dire : Seigneur, Seigneur ! pour entrer dans le Royaume des cieux ; il faut faire la volonté de mon Père qui est aux cieux. Jésus lui répondit : En vérité, en vérité, Je te le dis : nul, s'il ne naît d'eau et d'Esprit, ne peut entrer dans le Royaume de Dieu. Ce qui est né de la chair est chair. Et ce qui est né de l'Esprit est esprit**

**(Matio Matthieu 7 : 21 Jaona Jean 3 : 5-6). Amena**

**Mpitarika (officiant) : Ho aminareo anie ny Tompo !**

**Fiangonana (assemblée) : Ary ho amin'ny fanahinao**

**Mpitarika (officiant) : "Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo, ka hanome anareo ny fiadanana".**

**Fiangonana (assemblée) : Amen | d : r : m : - | f : m : r : - | s : f : m.r : m | r : - : d : - | Haleloia ! Amen !**

**Hira Cantique 530 (Fitiavana rano velona, Amour, eau vive)**

**FANIRAHANA (Envoi)**

**Mpitarika (officiant) : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary ho mandrakizay. Amena.**

**Mandehana amin'ny fifaliana ka manompoa ny Tompo.**

**Fiangonana (assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra**

**Feon-java-maneno firavana (Postlude)**

**Le Pasteur salue l'Assemblée à la sortie**

**Prochain culte : Dimanche 31 Mars 2019, ANKATOKY NY FANDRAISANA, Eglise de Saint Yves,  
Rue de Grenoble, Le Port à 9h**